THE APOSTLES' CREED

Izaho mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha, nahary ny lanitra sy ny tany. Izaho mino an'i Jesoa-Kristy, Zananilahy tokana Tompontsika Izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina, naterak'i Maria Virjina, nohomboana tamin'ny hazofiljaliana, maty dia nalevina-nidina tamin'ny toeran'ny maty, nitsangana velona tamin'ny andro fahatelo, niakatra any an-danitra, Mipteraka eo ankavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha, ary ho avy hitsara ny velona sy ny maty. Izaho mino ny Fanahy Masina, ny Fiangonana Masina manerana izao rehetra izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan'ny vatana ho velona, ary ny fiainana mandrakizay. Amena.

"Eny, notiavin'Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa ho velona aina mandrakizay" (Joany 3:16)

"Satria raha manaiky ampahibemaso amin'ny vavanao ianao fa Tompo i Jesoa, ary mino ao am-ponao fa nanangana Azy ho velona avy tany amin'ny maty Andriamanitra, dia ho voavonjy. Mino ao am-po manko ny olona mba hoeken'Andriamanitra ho marina, ary manaiky ampahibemaso amin'ny vava, mba hahazoany famonjena" (Romanina 10:9-10).

DISCIPLES INTERNATIONAL
disciples.international@verizon.net
www.disciplesinternational.org

MALAGASY